# I Jesoa Kristy sy ny fibebahantsika

Izao no fanamarihana nataon'ny Loholona Lynn G. Robbins ao amin'ny Fitopololahy:



Tsy misy na iza na iza maniry kokoa ny fahombiazantsika mihoatra noho ny Mpamonjy. . . .

. . . Ny fibebahana dia tsy hoe drafitra atao fiandry sao dia ho lavo isika. Ny fibebahana *no* drafiny, satria fantany fa hanao izany isika. (Lynn G. Robbins, "Hatramin'ny fito-polo im-pito,"*Liahona*, mey 2018, 22)

Nijoro ho vavolombelona ny Filoha Russell M. Nelson hoe:



I Jesoa Kristy no ohatra lafatra indrindra ho antsika amin'ny zavatra rehetra, "izay naharitra ny hazo fijaliana mba hahazoana ny fifaliana napetraka teo anoloany" [Hebreo 12:2]. Eritrereto tsara anie izany! Mba hizakana ny zavatra sarotra indrindra niainana teto ambonin'ny tany, ny Mpamonjintsika dia nifantoka tamin'ny *fifaliana*!

Ary inona ilay fifaliana izay napetraka teo anoloany? Azo antoka fa izany dia nahitana ny fifaliana avy amin'ny fanadiovana, fanasitranana, ary fampatanjahana antsika; ny fifaliana avy amin'ny fanefana ny fahotan'ny olona rehetra izay mibebaka; ny fifaliana avy amin'ny fanaovana izay hahafahantsika sy ianao mandeha mody—madio sy mendrika—mba hiaina miaraka amin'ireo Ray aman-drenintsika any An-danitra sy ny fianakaviantsika. (Russell M. Nelson, "Fifaliana sy fahavelomana ara-panahy," *Liahona*, nôv. 2016, 83)

# I Jesoa Kristy sy ny fibebahantsika

Izao no fanamarihana nataon'ny Loholona Lynn G. Robbins ao amin'ny Fitopololahy:



Tsy misy na iza na iza maniry kokoa ny fahombiazantsika mihoatra noho ny Mpamonjy. . . .

. . . Ny fibebahana dia tsy hoe drafitra atao fiandry sao dia ho lavo isika. Ny fibebahana *no* drafiny, satria fantany fa hanao izany isika. (Lynn G. Robbins, "Hatramin'ny fito-polo im-pito,"*Liahona*, mey 2018, 22)

Nijoro ho vavolombelona ny Filoha Russell M. Nelson hoe:



I Jesoa Kristy no ohatra lafatra indrindra ho antsika amin'ny zavatra rehetra, "izay naharitra ny hazo fijaliana mba hahazoana ny fifaliana napetraka teo anoloany" [Hebreo 12:2]. Eritrereto tsara anie izany! Mba hizakana ny zavatra sarotra indrindra niainana teto ambonin'ny tany, ny Mpamonjintsika dia nifantoka tamin'ny *fifaliana*!

Ary inona ilay fifaliana izay napetraka teo anoloany? Azo antoka fa izany dia nahitana ny fifaliana avy amin'ny fanadiovana, fanasitranana, ary fampatanjahana antsika; ny fifaliana avy amin'ny fanefana ny fahotan'ny olona rehetra izay mibebaka; ny fifaliana avy amin'ny fanaovana izay hahafahantsika sy ianao mandeha mody—madio sy mendrika—mba hiaina miaraka amin'ireo Ray aman-drenintsika any An-danitra sy ny fianakaviantsika. (Russell M. Nelson, "Fifaliana sy fahavelomana ara-panahy," *Liahona*, nôv. 2016, 83)

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_102-1